Rotsirotsy

Nosoratan'i

Ratsimba Georges

Copyright © 2015 **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**

Boky novokarin'ny vondrona **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**.

http://www.koloiko.com/

Tsy azo kitihina na ovana ireo soratra eo ambony eo ireo.

Natonta fanintelony: Septambra 2015.

Atolotra manokana
ho an'ireo mpampianatra
sy mpianatra Malagasy.

Fanoroam-pejy

Lisitry ny tononkalo v

Teny Fampidirana **vii**

Momba ny mpanoratra **37**

Lisitry ny tononkalo

Etsy babeko, Razandry 1
Matoritoria! 2
Antsangory 3
Avy mangataka izahay 4
Avy mangataka izahay 5
Iza iry ambony iry? 6
Iza iry ambony iry? 7
Tanin-katsaka, tanim-pary! 8
Iny, hono, izy, Ravorona 10
Kivarivary 11
Kindriandriana 13
Rajiro 15
Tanisa 16
Raosijamba 17
Kosokosoka tain'ondrilahy 18
Diavolana 19
Ny farimbon-telo 20
Voaloham-pitiavana 21
Zanaka 23
Mahay aho ry Dada sy Neny! 24
Madio izahay 25
Mamiko Loatra 26
Fety 27
Fetinao anio, ry Neny 28
Arahaba 29
Fikasana 30
Tiako ry Dada! 31
Mpangoron-karena 32
Anombino aho. . . ka itsikio 33
Nahoana 34
Io no Madagasikara! 35

Teny Fampidirana

Natao ity boky ity ho fahatsiarovana an'i RATSIMBA Georges, fantatra koa amin'ny solon'anarana hoe *Ny Rahona*. Hitanareo ato ny santionany amin'ireo tononkalo izay nampiavaka azy.

Raisinay ho adidy ny fisaorana sy fankasitrahana etoana ireto olona manaraka ireto:

- ny ankohonany (vady sy ny zanaka aman-jafiny rehetra),
- ny fianakaviana rehetra,
- ny mpiara-mianatra taminy,
- ny mpianany,
- ny mpiara-monina,
- ny mpiray fiangonana.

Isaorana manokana koa ny zanany RATSIMBA Benjamin A.R. noho ny nanomezany alalana amin'ny famoahana izao asa soratra izao.

Farany dia isaorana Andriamanitra amin'ny fahasoavana lehibe nomeny.

1
Etsy babeko, Razandry

14 novambra 1964

Etsy babeko, Razandry,
etsy babeko, ianao:
Ny saiko tsy mety tafandry,
tia ka tsy afa-mandao!

Etsy babeko, Razandry,
etsy babeko ianao:
Tazano fa sasa-miandry
'Reo namana te hilalao!

Etsy babeko, Razandry,
etsy babeko ianao:
Atsory malaky ny sandry,
eo babeko amy 'ty lamba vao!

Etsy babeko, Razandry,
etsy babeko indray:
Ny olona tapitra mandry,
'ndeha isika hody amy 'zay!

2
Matoritoria!
20 febroary 1966

Matoritoria, razandriko izany!
Matoritoria fa aza tomany!
Idadantsika tsy aiza fa lasa
nivoaka maraina namonjy lahasa:
Rah'mody avy any izy hitondra mofo,
ka sady hihinana ianao no voampofo!
Matoritoria!

Matoritoria, razandriko izany!
Matoritoria fa aza tomany!
Ineny malala any izay efa ho avy
mivimbina vary sy hena matavy:
Rehefa tonga izy horaisiny ianao,
horotsirotsiny, homen-kilalao!
Matoritoria!

Matoritoria, razandriko izany!
Matoritoria fa aza tomany!
Jereo fa sahirana ity zokinao
mamorona izay kalokalo azo atao!
Rah'mbola tomany ianao dia angamba
ny ranomasoko no hamonto lamba!
Matoritoria!

3
Antsangory

Nahoana ry Noro ianao
no renoka tahaka izao?
Mifohaza fa aza matory,
etsy ataoko antsangory.

Mifohaza fa aza matory,
etsy ataoko antsangory
hitazana iry vodilanitra
misoratra mahafinaritra.

Mifohaza fa aza matory,
etsy ataoko antsangory
hitazana iry lohasaha
mavana maha-te-hizaha.

Mifohaza fa aza matory,
etsy ataoko antsangory
hioty 'reo fela-mirenty
mandravaka tampo-tanety.

Mifohaza fa aza matory,
etsy ataoko antsangory
hianatra hamisavisa
ny haren'ny alin-kisa.

Mifohaza fa aza matory,
etsy ataoko antsangory
hianatra hanohy fihavanana
amin'ny ory sy manana.

Mifohaza fa aza matory,
etsy ataoko antsangory
handray fahendrena amin'ny alina
handinika ireo hevi-dalina.

4
Avy mangataka izahay
30 septambra 1965

Avy mangataka izahay
namana lahy na vavy iray!

- Izy rehetra dia samy eo
ka iza re no alainareo?

- Zazavavy izato no alainay
fa toa mendrimendrika sy mahay!

- Raha marina izany tsy vazivazy,
lazao: Iza no haka azy?

- Tsy iza fa 'zaho efa manoloana
ka amin'ny firy ary ny fotoana?

- Amin'ny valo no ora marina
ka fero ny didy 'zay ampiharina!

- Ny didy rehetra dia efa vita
koa dia mandrosoa ary hifankahita!

Izay mahery voanjomanga!
Ny osa dia tana na dia hitranga.

5
Avy mangataka izahay

Avy mangataka izahay
'zay mba mazoto ho namanay
hiasa ny jama sy tany ngazana
hampanakarena ny tanindrazana!

Avy mangataka izahay,
'zay mba mazoto ho namanay
hivondrona tsara sy hifanampy
hamoaka rano amin'ny vatolampy!

Avy mangataka izahay,
'zay mba mazoto ho namanay
hiara-dia ka hanolo-tanana
hanarina ny ory sy ny tsy manana!

Avy mangataka izahay,
'zay mba mazoto ho namanay
hitaona ny tapaka hampianarina
ny kanto, ny mendrika sy ny marina!

Avy mangataka izahay,
'zay mba mazoto ho namanay
hiara-mikaroka fahendrena
handala ny hasin'ny firenena!

Avy mangataka izahay,
'zay mba mazoto ho namanay
hitaiza ny zanaka amam-para
ho reharehan'i Gasikara!

Avy mangataka izahay,
'zay mba mazoto ho namanay
'zay vonon-kiasa dia mamalia
dia mandrosoa mba hiara-dia!

6
Iza iry ambony iry?

9 aprily1967

Iza iry ambony iry?
Izaho ihany ity!
- Maninona eny indriako?
Eto ny akany fodiako:
sady ikotrehako atody
no iandrasam-pandranto mba hody.
- Firy ny atodin-driako?
Rah'maro ny iray mba iangaviako!...
Telo sy efatra ihany
ka tsy ampy mizara izany,
ny akany no andehana vonjeo
dia mikotreha ho anareo!
- Nikotrika ihany aho, ranona,
nefa tsy mba nahavanona!

Ny akoholahy mitsoaka mozika
mahita ny zanak'akoho mipariaka,
ny reniakoho manao danise
mMitondra ny zaza ho tezain-dramose!
KOKOKOKO!

Maraina ny andro ô!

7
Iza iry ambony iry?

Iza iry ambony iry?
Havana sa olon-kafa?
Nahoana no tsy mankaty
hifamantatra sy hifanatsafa?

Iza iry ambony iry?
Zoviana ka toa tsy mamaly!
Nahoana no tsy mankaty
hifanotrona rehefa mifaly?

Iza iry ambony iry?
Antsoina ka mihenahena!
Nahoana no tsy mankaty
hifampionona rehefa sorena?

Iza iry ambony iry?
Moana va re sa marenina?
Nahoana no tsy mankaty?
Raha misy manjo aza afenina!

Iza iry ambony iry?...
Izaho ihany ity,
vonona hifankatia
ka ho avy tokoa hiara-dia!

Asan'izay tian'olona
nefa minia miolonolona:
Ny fitiavana sy fahasoavana
iombonana vao mihamamy!
Ny alahelo tsy ambara havana
mbola zakan'ny tompony ihany!

8
Tanin-katsaka, tanim-pary!

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny hanin-kavana mankarary
Aiza ho anay i Jaongalia
- Tsy omenay i Jaongalia!

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny zanaka adala tsy mba fanary!
Aiza ho anay i Aivonirina
- Tsy omenay i Aivonirina!

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny hava-malala mani-boasary!
Aiza ho anay i Mamikely
- Tsy omenay i Mamikely!

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny salovan'ny tiana dia azo sary!
Aiza ho anay i Haja Lalao
- Tsy omenay i Haja Lalao

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny tiam-bahoaka tovi-Nanahary
Aiza ho anay i Noro Hanitra
- Tsy omenay i Noro Hanitra

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny fitia kobonina mankarary!
Aiza ho anay i Voahangisolo
- Tsy omenay i Voahangisolo!

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny tiana amoronana voa tsy ary!
Aiza ho anay i Amiela
- Tsy omenay i Amiela

Tanin-katsaka, tanim-pary!
Ny tsara miafara mba soa firary
Aiza ho anay re i Benjamina
- Tsy omenay i Benjamina!

- Vaky ny siniko!
- Angaha izany tsiniko?
- Very ny lambako!
- Tsy raharahako!
- Bedy aho izao!
Ka raha bedy ianao!

9
Iny, hono, izy, Ravorona

Iny, hono, izy, Ravorona,
ento misidina ambony,
ny sentony mila hitambolona
ho levona tsy hisy intsony!

Iny, hono, izy, Ravorona,
ento hitety 'ty Nosy
netezan'ny razany ho sorona
hijoroany tsy hikororosy!

Iny, hono, izy, Ravorona,
ento mba hiriaria:
higoka fitia safomorona
eny anilan'ireo very dia!

Iny, hono, izy, Ravorona,
ento hanefa ny adidiny!
ny sainy ampianaro ho vonona
hiaro ny zon'ny safidiny!

Iny, hono, izy, Ravorona,
ento hamangy ny havany:
hanoro fa tsy mba hisorona
ny rariny tsy afaka am-bavany!

Iny, hono, izy, Ravorona,
ento hisondrotra avo:
hitsinjo 'reo resin'ny tolona,
hanarina 'reo efa lavo!

Iny, hono, izy, Ravorona,
mila ho azon'ny famoizam-po!
ento hikatsa-pitia mamololona
tsy hariry sy tsy hety lo!

10
Kivarivary
14 martsa 1965

Manasa re lahy, manasa!
Manasa hiara-mihinana:
Sendra masaka tsy diso rasa,
ka ny vonona, avia iombonana!

Dia feta novolavolaina
no vary natao ampangoro;
ravin-kininina maina
no sotron'i Voahangy sy Noro!

Ny sira dia vato haranana,
ny lovia dia vakim-bakoly;
ny anana no tena anana
nalaina teo an-tanimboly!

Ny hena dia ravin-draiketra;
taola-manga no solom-bilany;
dia somokotra izy rehetra
mba mikarakara an'izany!

Tsy ela fa telo minitra
dia masaka ny hena matavy!
Tsy andriny akory ho ritra
fa dodona ny mpianakavy!

Dia indreo fa nivavaka izy...
tsy 'lay vavaka vao nampianarina
nataoko ho vavak'ankizy,
kanjo hay tena vavaka marina.

Nohatoniko re izy ireo,
ka revo mihinana ery!
Ny lelany henonareo?
Mipoapoaka ery mankafy!

'Lay zanako vavimatoa
no hany manasa avy hatrany:
"'Ty, ry dada, ny henan-kisoa!"
fa ny sisa dia tenda aoka izany!

Dia nipetraka aho ka nandray
sy naira-nihinana taminy!
Kanjo: “Dada, jereo: tsy mahay,
fa ny variny re tena haniny!”

Niara-nihoraka re ny ankizy
fa izaho, hono, tsy mba manary!
Nolazainy fa tsy tena izy
fa lalao hoe ny Kivarivary.

11
Kindriandriana
13 martsa 1965

“Avia hilalao
lalao mahavariana,
izaho sy ianao,
hanao kindriandriana!”

Tsy sary vorodamba
lava volon-doha,
fa tavoahangy angamba
itony tamaboha!

Ny lokony ihany
no lamba samihafa;
ka izy roa hatrany
no vavany mitafa!

Ny lava: Lehilahy;
ny boribory moa
miantso hoe: Rangahy,
ka dia ramatoa!

Henoy sy tazano:
indreo miady hevitra!
soritany ny trano,
ataony maro efitra!

Itony varimbitsika
no ataony fipetrahana,
ary bitsibitsika
no fomba firesahana!

’Lay tamaboha lava
i Dadabary, hono
no re misoka-bava :
“Tereo ny ronono.”

Indry Rafotsibe
(Rafotsy tamaboha)
nitondra siny hoe
nataony an-doloha.

Nandeha ho any an-tsaha
hitery ny ronono!
Fa any i Bema angaha!
no miandry omby, hono!

Indry manangasanga,
manaraka ny morona
'lay omby taola-manga
nasiana fantsi-korona !

. . . Dia lasa nody izy,
nivikiviky fatratra
hamonjy ny ankizy
nirava avy nianatra.

I Dadabary kosa
nihady mangahazo
nangoniny miavosa
ny taho tsy halazo.

Dia tonga ny ankizy,
ankizy marobe,
nihoraka izay tsy izy
fa tsara Dadabe.

Dia toy izany hatrany
ity kindriandriana. . .
Fahiny mantsy izany!. . .
Toa nofy aty aoriana!

Ny tamabohan-drazana
mamy ery fahiny
nankaiza no tsy tazana?
Sa resin'ny am-bahiny?

Asa! Ratsy angaha
ity kindriandriana,
fa tsy vazahazaha
ka sahinao nariana!

12
Rajiro

Ankizy maromaro
indreny mifamory,
toa tsy mahatsiaro
ny vesatry ny tory!

“Andeha hilalao,”
hoy ilay filohany.
“Rajiro no hataon-
tsika fanombohany.

“Manaova faribolana
mameno tokotany;
izaho hanodidina,
Hametra-damba any.

“’Zay tratra ipetrahany
mitsangana eroa:
Rajiro no anarany,
raha ts’hisy hafa voa!”

Dia mbola nohamafisiny:
“Tandremo tsy an-kanoro,”
no sady indry natsipiny
’lay lamba ho an’i Noro!

Dia nihazakazaka izy
sao misy manatoro…
nihoraka ny ankizy
fa tratra jiro i Noro!

Dia toy izany re
ity rajiro ity!
Andramo kely ange.

13
Tanisa
16 martsa 1965

Itsan-droa!
Telo an'efatra!
Dimy an'enina!
Fito am-balo!
Sivy am-polo!
Itsan-droa!

Indreo vato roa no atsipitsipy,
tsy miaraka anefa fa mifandimby,
atsipy hiakatra izay ambany
'zay midina tsy avela hikasi-tany!

Jerena ireo vato toa mifaninana,
manala hazakazaka miaka-midina,
mivezivezy tsy mety miato,
ka toa mananaina fa tsy mba vato!

Tanisa roa aza igagana
fa mainka manoatra ny hakingana
raha tanisa telo no hitanao!
manana isika raha kilalao!

14
Raosijamba
16 martsa 1965

Raosijamba e! Raosijamba!
Lalao fahizay.
Ny masony roa tampenany lamba
ka amin'izay,
ahodiny in-telo ka sady akorainy
no asainy ambarany
ny zaza iray izay sendra voarainy
na iza no anarany!

Dia lasa tokoa ary Raosijamba!
mitsotra ny tanany,
mitsapatsapa, matahotra angamba,
mitady ny lalany
dia tojo zazavavy mirandra-madinika
ka manontany...
ny sainy no solon'ny maso mandinika!...
O! mafy eny izany!

- "I Hanitra ity," hoy ny feony matoky
no sady nalany
'lay lamban'ny aizina! Ny namany loky
raha nahita izany.

Raha jamba ny jamba tsy satriny akory,
ny sainy no sisa
entiny hitsinjo 'lay lovan'ny ory
dia ny Paradisa.

15
Kosokosoka tain'ondrilahy

13 martsa 1964

Kosokosoka tain'ondrilahy
voangilo, voan-tanatanana...
asakasakareo re, ry lahy
'zay mialona, ory hava-manana!
Tanatanam-bazaha feno doka,
doka atsy doka ary!...
Asakasakareo 'zay sodoka
n'ity fiaina-mandalo ity!

Maty ve 'lay ratsy vintana?
- Tsy ambolana!... Mainka mahiratra.
Ny olon-kendry tahaka ny kintana:
ka vonoina vao mainka mamiratra!

16
Diavolana
16 martsa 1965

Diavolana ny alina izao:
Ny lavi-kavana re manimanina...
Ny zaza tsy mety hilalao,
mahantra satria sain-kanina!

Diavolana ny alina izao:
Ny ankizy mihoraka ery!
IKalovy tsy mety hilalao
fa sakaizan'ny vilany vy!

Diavolana ny alina izao:
Maka rivotra ny osaosa!
IKalovy tsy tia kilalao
Dia kendan'ny hoditra kosa!

Diavolana ny alina izao:
Lasa mody ny mangorangorana!
IKalovy indrisy f'injao
hoditra dia nahatorana!

Diavolana ny alina izao:
Ny lavi-kavana re manimanina...
Ny zaza tsy mety hilalao,
mahantra satria sain-kanina!

17
Ny farimbon-telo

Dobodoboka! Dobodoboka!
Vary telo laona no indray fotsiana
fa izay vao ampy ny fianakaviana:
Maro an-trano mantsy Ingahy Rainikoto!
Dobodoboka hoy ny dom-panoto!
Dobodoboka e! Dobodoboka!

Dobodoboka! Dobodoboka!
Izy telo vavy zana-dRainikoto
no misikin-damba miaraka mitoto.
Ts'hitahita akory, vary telo laona,
fotsin'izy telo vetivety foana!
Dobodoboka e! Dobodoboka!

Dobodoboka! Dobodoboka!
Hoy ny dom-panoton'ny farimbon-telo!
Midoboka ny foko vonton'alahelo:
Zary nofy mantsy ny firaisankina!
"Samy mila ho azy" indray no toa takiana!
Dobodoboka e! Dobodoboka!

Dobodoboka! Dobodoboka!
Aoka re no lasa hapetraka ho lasa
Ka farimbon-telo no hiaraha-miasa!
Vetivety foana, ho ampoky ny soa
I Madagasikara! Sa dia nofy koa?
Dobodoboka e! Dobodoboka!

Dobodoboka! Dobodoboka!
Hoy ny dom-panoton'ny farimbon-telo!
Midoboka ny foko! Lasa ny alahelo!
Ny Malagasy ange tsy adala velively,
hainy ny fikitran'ny mpampiady angely!
Dobodoboka e! Dobodoboka!

18
Voaloham-pitiavana

Mba fantatrareo ny voaloham-pitiavako
tsy afaka am-bavako?
- Ny an'ny havako!

Fitiavana feno 'reo ray aman-dreny
tsy sasa-niteny
ombieny ombieny.

Tsy kivy nananatra hatrany, hatrany,
nanao teny mamy
arahin-tomany!

'Lay reniko mantsy no fatratra indrindra
fa nanindrahindra
nampiana-mamindra!

Raha sendra ka lavo aho dia notrotroiny
sy safosafoiny
ary koa ampofoiny!

Nentiny hividy "bonbons" teny an-tsena,
nataony am-babena
raha sendra sorena.

Indraindray izy nitezitra ihany,
kanefa tsy izany
fa sariny hatrany!

Manaraka izany i dada malala
iaraha-mahalala
mpanoro ny adala!

Niezaka mafy mba hampianatra ahy
hijoro ho sahy
satria lehilahy!

Ilay tsorakazony mafy aoka izany
fa nampitomany
hatrany hatrany!

Kanefa izao dia tsaroako fa hay
fa raha tsy nanafay
'zay dadako izay.

Ho loza sy atambo no nanjo ahy
fa ho badolahy
tsy ary fanahy !

Ry dada sy Neny, raha sitrakareo,
'ty hirako ekeo.

19
Zanaka
3 jona 1959

Ny zanaka hendry: harena tokoa,
dia haingo sy ravaky ny tokantrano!
Tsy misy to'azy satria ny Tsitoha
no efa nanolotra sy nitsodrano!

Mba sambatra kosa ny ray aman-dreny
manana zanaka tahaka ireny!
Satria sarobidy ny valimbabeny:
dia ny fahadiovany sy fahendreny!

Fa mampahonena ny zanaka adala:
manimba ny saina ary koa mahaory!
Fanondro-molotr'izay mahalala
ka henatra mantsy naleo tsy ary akory!

20
Mahay aho ry Dada sy Neny!
9 febroary 1965

Mahay aho, ry Dada sy Neny,
Mamaky ny teny hoe:
la-la, no-ro, mi-te-ny,
sy manoratra hoe: “dadabe”!

Mahay aho, ry Dada sy Neny,
manisa hatramin’ny zato;
ireny manambatra ireny
vitako tsy mila vato!

Mahay aho, ry Dada sy Neny,
na hirahira na hanao tsipy sandry;
ka nony nanaovako ireny
variana ry zoky sy zandry!

Mahay aho, ry Dada sy Neny,
mamono kahie mbamin’ny boky
Rah’izay manao an’ireny
Tsy hindramako intsony an’Izoky!

Mahay aho, ry Dada sy Neny,
ka moa tsy marina ve
fa efa mba anisan’ireny
antsoina hoe: olon-dehibe!

21
Madio izahay

Jereo ny volonay:
voahogo tsara ery!
Sady izay indray
nasiana bigody!

Jereo ny tananay:
madio tsara koa;
ny hoho kosa indray
voahety avokoa!

Jereo ny tongotray:
mandina aoka izany;
ny faladia oadray!
Toa tsy nandia tany!

Ny reninay moa
mpipasoka mahay:
Voapasony avokoa
ny fitafianay!

Angaha ny tena ihany
no diovinay 'zareo?
Madio tahaka izany
ny bokinay. Jereo!

Boky sy kahie,
sy kitapo koa,
avia jereo ange:
milamina avokoa!

Tsy zaza be lalao
fa hendry sy mahay
ka moa ho gaga ianao
raha toa madio 'zahay?

22
Mamiko Loatra

Maro ny boky izay be mpankafy
fa mamiko loatra ity boky ity
izay novinidin-dry dada sy neny
ary nianarako namaky teny!

Boky manify sy kely velarana
kanefa dia mamiko mangarangarana
fa fanalahidy namoha varavarana
ny fahalalana sy fahasambarana!

Haiko vakina tsy misy avakavaka
ny tarehintsoratra, reny sy zanaka!
Avy eo dia haiko soratana koa
miaraka maro na tsiroaroa!

Tiako dia tiako 'ty bokiko ity
izay ianarako ny a, b, d!
Matoa aho afa-misondrotra hatrany
ity boky ity re no fototr'izany!

Raha toa tafasondrotra ianao any aoriana,
ny "Fiandoha-mamaky" re aza ariana.
Ireny no atao hoe akoho mavon-drazana:
aza atsipy toa vato natsindry ahazana!

23
Fety
13 febroary 1965

Raha tonga ny fetin'i dada,
'ndreo fa atolotr'i neny
miaraka ny arahaba
sy ny akanjo iray 'zay omeny!

Fa amin'ny fetin'i zoky
dia andrehetana jiro,
tolorana sary sy boky,
anaovana laoka matsiro!

Fa amin'ny fetin'i zandry
'zay kely sy mbola minono;
fahanana rononomandry
sy ovim-bazaha vao natono!

Raha tonga ny fetin'i Neny,
izaho no manolotra moa,
manolotra sady miteny:
"Ba ny takolaka roa!"

Ny akanjo sy laoka tsy tiako!
Ny ba koa fafako hatrany!
Ny tiako, raha tonga ny fetiko,
dia saribakoly ihany.

24
Fetinao anio, ry Neny
3 jona 1971

Fetinao anio, ry Neny
ka hisokatra ny vava
mba hanolotra amin-teny
voninkazo sy arahaba!

Arahaba ianao, ry Neny
reny tianay tokoa
ary etsy mamikely
ny takolakao roa!

Ary solom-panomezana
noho 'zao fetinao izao
voninkazo am-pehezana
no atolotray anao!

25
Arahaba

Arahaba, ry Dada! Arahaba, ry Neny!
Antsoin'ity zanaka miana-miteny!
Arahaba, ry zoky sy zandry rehetra,
na akaiky, na lavitra, tsy misy fetra!

Arahaba fa tratran'izao andro izao,
dia ny andro malazan'ny taombaovao!
Ny zavatra lasa nitondra alahelo
aoka havela ho tsiambaratelo!

Fa fiaina-mamiratra feno hafaliana
sy fanantenana ary fahatokiana
no aoka hizorana hatramin'izao
andro igadonan'ny taombaovao!

Samia ary tratry ny ho avy isika,
ka tena tomady sy fo misariaka
no enga hitahiry mandritra ny taona,
hifampiarahaba rehefa mihaona!

26
Fikasana

- “Tsy haditra intsony aho, ry dada sy neny
manomboka anio:
ho tia ny zandriko, ho tsara fiteny
sy hanao madio,
ny boky tsy horovidrovitiko intsony,
ny soratro kosa
hokaliako tsara... ary isa ambony
no ataoko miavosa!”

- “Fa inona anefa, hoy dada sy neny,
no anton’izao?”
Dia hoy Ikotokely namaly an’ireny:
- “Ny taombaovao !”
Kinanjo ny ampitso hadinon’Ikoto
ny voadiny omaly!
Ny isany? - Atody. Ny tena? - Maloto.
Rainy tsy faly!...

Ry zoky sy zandry, fidera tokoa
ny tsara fikasa;
Kanefa ny teny mba inona moa
Rah’tsy arahina asa?

Samia ary miezaka isika rehetra,
na inon-katao,
Hanatanteraka ny tarigetra-
n’ny taombaovao!

27
Tiako ry Dada!

Tiako ry Dada, 'lay saribakoly
nentin'Ingahibe Noely ho ahy:
Ny masony bary, ny volony oly
sady madio no tsara fanahy.

Kanefa ny masony nony matory
tsy mba mikimpy fa mipitrapitra,
ny mofo omeko tsy haniny akory,
ny rano sotroiny tsy lany fa ritra!

Ny an-dry Zeze kosa anefa ato ambany
tsy saribakoly fa olona angamba
fa sady mihantsika no mitomany
ary mandena ka soloana lamba.

- Raha hitanao, ry Noro, ny tahaka izany,
lazao an'Ineny hangataka isika:
"Omeo zazakely, raha toa misy any
mandena, mihetsika, mahay feo-mozika."

Indro ny taona manaraka an'iny
raha hafoloana tsy tonga ny Noely,
nivaly "ilay vavaka tsy nisy tsiny"
ka teraka soa I Voahangy kely! [1]

[1] Teraka 15 desambra 1962 i Voahangy

28
Mpangoron-karena

Tonga ny Noely ka vory daholo
ny fianakaviana iray manontolo!
Ambonin'ny rary 'zay efa fanao
dia tao ny sakafo sy ny kilalao!
Tsy vitan'izany fa mbola indreny,
na zanaka izany na ray aman-dreny,
fa nifanolotra zavatra kely
lazaina fa avy amin'Ingahibe Noely!

Rehefa nahazo dia samy namaha
ny zavatra azony ka nampitaha.
Ny tsara, ny maro, ny tena nirina...
Mba rafitra koa Ingahy Benjamina:
Nalahany ireo kilalao vao voarainy
ka tonontononiny sady isainy...

'Reo zokiny fito, raha nahita izany
dia samy nanatona ka nanontany:
"Firy ny fiarakodian'i Parany?
Ilay tatsambo itsy, mba iza no anarany?
Iry trano iry izao, aiza no miorina?
Io vorona io ve azo tifirina?"

Tsy tambo isaina ny fanontaniana
sy resaka feno fananihaniana,
nisy mihitsy aza sahy nilaza
hoe: "Benja, mpangoron-karena malaza!"

Fa fantatr'i Benja ny dikan'izany
ka dia novaliany ilay mpananihany:
"Tsy mpangoron-karena aho fa mpanankarena,
satria tsy nifetsy anareo fa nomena!"

29
Anombino aho. . . ka itsikio
Girard et Robic, 12 mai 1965

Atolotro ny ankizy madinika hankalaza ny 16 may 1965.

Rankizy madinika kely, sady zandry no zanaka koa,
fetinareo ny andro anio, koa tsy mba rariny moa
raha misy andalana vitsy atokana hankalazana
ny zo aman-kasinareo rako-pelan'ny fanantenana.

Nirina ianareo ka nirina, nisotroana ny rano tsy tiana,
niankinana rindrina irery mba ho radom-pitia hifaliana.
Tsy safidinareo ny ho ary saingy tonga ianareo ka midira,
'reo nirary anareo no hisaina na hanongo na handrotsy an-kira

Asakasany re sombinaina! Tera-bary sy rakitra anaty!
Ny ahy kosa tsy azoko afenina: Hiloloha anareo mandra-maty!
. . . Raha lamba ianareo na tavilotra ho nanefy avoko 'zay ta hanana,
tsy mba vitako izany ka aoka iankohofako 'zay eto an-tanana!

Mifalia, miravoa sombinaina, anarano ny andro anio!
Hany erim-pitia mba lazaina: Anombino aho. . . ka itsikio.
. . . Ampy izay! O! misaotra indrindra! Safomorona ny fifaliako,
'zay monja dia hery tsy lany handreseko eto an-tany fiadiako.

30
Nahoana

Nahoana, ry dada, ny lokon'ny lanitra
no manga fa tsy mba natao menamena?
Ny zavatra mena no mahafinaritra:
manintona maso, mateza jerena!

Ny manga, ry Noro, no lokon'ny lanitra
fa mari-pitiava-madio sy maharitra!

Tsara ny lolom-boasary kanefa
nahoana ry dada, no nasiana elany?
Mipetraka kely izy dia indro milefa,
vovoka monja no sisa avelany!

Voahangy a! Ny elany no itondrany
ny lokony kanto hitety ny tany!

Nahoana, hoy i Amiela, ny renintantely
no misy fanjaitra manindrona koa?
Nefa ny mamy sy savoka omeny
mamy sy manitra, sy mahasoa!

Raha ts'isy fanjaitra ny renintantely,
tavanin'adala ny mamy ka kely!

Nahoana, ry dada, ny masoandro iry
ny kintana mbamin'ny volana soa
raha mba ampidinina koa ho ety?
Angamba isika hafana kokoa!

Raha iva, ry Benja, dia tratry ny tany
ka mety halainy hosimbasimbany!

"Nahoanan'ankizy" mba mamiko iky.

31
Io no Madagasikara!

- Ambarao hoe, rankizy, ilay Nosindrazantsika?
- Io 'lay tany atsinanan'ny lakan-drano Masombika,
he jereo ange 'ty izy miadana sy mihaminkamina,
toa salopy atopatopan-dranomasimbe Indiana

io no Madagasikara, nosin-drazana malala
io no Madagasikara, iaraha-mahalala
io no Madagasikara, tanindrazantsika Gasy
io no Madagasikara, vita sady an-taratasy
io no Madagasikara, miendri-tongotra havia
io no Madagasikara, sarotra afoy satria:
io no Madagasikara, nahakely, nahazaza
io no Madagasikara, tsy dia tany be malaza
io no Madagasikara, tena tiako sy lalaiko
io no Madagasikara, ao ny reny sy ny raiko
io no Madagasikara, ao ny zoky sy ny zandry
io no Madagasikara, ao ny adidiko no miandry
io no Madagasikara, misy fasana mitoko
io no Madagasikara, ao milevina ao ny foko
io no Madagasikara, voasokitra ato anaty
io no Madagasikara, hilevenan-draha maty
io no Madagasikara, nosy mamy toa tantely

io no Madagasikara, tsy hohadinoina velively
io no Madagasikara, anjakan'ny fihavanana
io no Madagasikara, 'zay mihamitombo vahana
io no Madagasikara, tena nosy diavolana
io no Madagasikara, tany mendrika harovana
io no Madagasikara, voahodidin-dranomasina
io no Madagasikara, tsy azon'olona tavasina
io no Madagasikara, Nosy maro fahavalo
io no Madagasikara, tsy miraika, tsy mimalo
io no Madagasikara, nosomparana hikoro
io no Madagasikara, nefa mbola tafajoro
io no Madagasikara, tiana sady mamy re
io no Madagasikara, misy foko maro be
io no Madagasikara, antsoina hoe "'Lay Nosy Mena"
io no Madagasikara, tiavina tsy anerena.

Momba ny mpanoratra

RATSIMBA Georges dia mpampianatra mpanolo-tsaina ara-pedagôjika, mpanoratra, ary mpikabary. Teraka ny 03 Septambra 1926, ary maty ny 02 May 2005. Nanomboka nanoratra izy tamin'ny taona 1945, tsaroana ny taona 2015 izany ny fahafitopolo taonan'ny nanoratany, ary ny taona 2016 kosa ny fahasivifolo taonany.

Efa niasa tamin'ny toerana maromaro izy, anisan'izany:

- Antananarivo (Ecole Montagne, Manalalondo, CP Benasandratra Fenoarivo, Ministeran'ny Fampianarana, CEG Ambohimalaza-miray, Radio Scolaire, Ankeribe–Anganomasina),
- Antsirabe (Centre Pédagogique),
- Fianarantsoa (Ambozontany, FITATA),
- Toliara (Lycée Laurent Botokeky, Centre Pédagogique du 2ème cycle Belemboka),
- Tsaramandroso–Ambato Boeny,
- Mahajanga.

Tsara koa ny manamarika fa ny fiangonana rehetra tamin'izay toerana niasany dia nandraisany anjara lehibe daholo.

Sary 1: Ratsimba Georges.